


# Jésus Vivant en Marie

NO 15 JUILLET 2019

***Bulletin Mensuel de Formation et d'Information***

Association Marie, Reine des Coeurs

**Entretien exclusif avec le Frère Daniel BUSNEL SMM**




## MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

**Tel** (+39) 06-30.50.203
**Fax** (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65, 00135
Rome – ITALIE

http://www.montfortian.info/amqah/
rcordium@gmail.com

## *Table des matières*

Fanazavana Ara-baiboly - Izaia 66, 10-14 ____ 2

FIAINAM-PANAHY MONTFORTANA - Fanokanan-tena; tsy inona, fa mba hiainana ny fahalavorariam-pitiavana ____ 4

Entretien –Frera Daniel BUSNEL:
« Je Ne Suis Pas Un Théorique…» ____ 6

Partage – DIEU SEUL - Andriamanitra Irery ____ 11

VAOVAO SAMIHAFA - SAINT LAURENT-SUR-SÈVRE, France ____ 13

VAOVAO SAMIHAFA - RUTENG, Flores, Indonésie ____ 16

VAOVAO SAMIHAFA - PONTCHÂTEAU, France ____ 18

VAOVAO SAMIHAFA - LA VERRIE, France ____ 20

Vavaka – Oh ! Ry Maria Virjiny ____ 22



# Mifalia ao amin'ny Tompo

## Izaia 66, 10-14

**Miravoravoa miaraka amin'i Jerosalema ! Tsy maintsy arahina , manakoako ny fanasana izay miveriberina matetika ao anaty baiboly , miravoravoa , mifalia ; mba sambatra hoy Andriamanitra , izay no niantsoana anao ! io ihany koa no fanasana ataon'i Papa François ao amin'ny fanentanana apostolika « Fifaliana sy firavoravoana »**

***Fanazavana Ara-baiboly***

Io fanasana izay nambaran'ny mpaminany ao anatin'ny fotoanan'ny fahoriana (fiverenana avy babo izay tena mahakivy) tsy fanasana anakipia-maso manoloana ireo fasahiranana fa natao mba tsy hivarianana lavo amin'ny fahadisoan-panantenana satria Andriamanitra eo foana ary mahatoky Izy.

Rehefa mametraka ny fahatokisany ao amin'Andriamanitra afaka mifaly satria tsy misy tsy hain'Andriamanitra atao ny zava-drehetra , efa niainan'ireo vahoaka izany:
a) Moa misy zava mahagaga tsy efan'ny Tompo va na inona na inona ? (Jen 18,14) izay no nambaran'Andriamanitra raha nilaza ny fahaterahan'i Isaaka izy.
b) Fohy loatra va ny tanan'ny Tompo (Fanisana 11,23) hoy Izy tamin'I Moizy nandritra ny famakivakiana ny tany efitra. Ny tanana ao anaty baiboly dia tadidon'ny asa.
c) Moa fohy tanana va Aho, ka tsy afa-namonjy? sa tsy ampy hery hoenti-manafaka? (Iz 50,2 ) hoy nambaran'ny mpaminany raha nahatsiaro ho irery Jerosalema
d) Fa tsy hisy tsy ho hain'Andriamanitra atao (LK 1, 38) navalin'ny anjely tamin'i Maria toy ny ako.



**Jerosalema**: mampiseho ny eglizy ary fantatsika tsara fa voahozongozona nefa araka ny nambaran'i Izaia dia ao aminy no toerana hamokisan'ny Tompo antsika , hiterahany antsika ary hankaherezany antsika !

Ao amin'ny fanantenana no hanasana ity lahatsoratra ity antsika satria ny Tompo eo lalandava ary manan-kery Izy. Andriamanitra tia ny vahoakany ary mamonjy azy! Tsy sasatra miasa Izy! Antsika no mijery izany!

Ary izao vanimpotoana ny lohataona izao no fotoana hankasitrahantsika ireo zava-dehibe nataon'ny Tompo, hisokafantsika amin'ny figagana ireo asa vitany mba tsy hahalatsaka antsika anatin'ny hakiviana.



**Ny Tompo no ataovy firavoravoanao**
**dia omeny anao izay irin'ny fonao Sal 36, 4**

Pierrette MAIGNÉ

## Fanokanan-tena; tsy inona, fa mba hiainana ny fahalavorariam-pitiavana

**Fandikana azo tsapain-tanana ny Didim-pitiavana ny Fanokan-tena: "ity no voalohany indrindra amin'ireo Didy: mihainoa ry Israely: ny Tompo Andriamanintsika ihany no hany Tompo tokana. tiava ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao tontolo, amin'ny fanahinao manontolo, amin'ny hery sy ny sainao manontolo. Ary ity ny faharoa: tiava ny namanao tahaka ny tenanao".**



Izany indrindra no antony nahatonga an'i Montfort niantso ny Fanokanan-tena hoe "fanandevozam-pitiavana" (VD 169, 236). "Ny fanandevozam-pitiavana" dia mitovy amin'ny " fanandevozan-tsitrapo" (VD 70, 72). Maneho ny fiombonana ao amin'ny fahafahana; lasa ratsam-batana na hoe " toetra" ao amin'I Jesoa Kristy ao anatiny ny firaiketana tanteraka na hoe feno ary mandrakizay, amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, toa an'i Maria sy miaraka amin'i Maria, mba hiainana marina ny maha zanak'Izy Ray any an-danitra. Ny olona miaina io andram-piainana io dia antsoina hoe "andevon'ny fitiavana" (VD 126, 139; jereo VD 118-133). Mahakasika indrindra ny "fo" io fanandevozana io (VD 70)! Ao anatin'io "fo" io indrindra no ahafana miaina an'andrana marina kokoa  io firaiketana sy fiombonana feno fitiavana io (VD 38).

Ny ho tokony anton'asa fototra manahirana isan'andro ireo miana ny Fanokan-tena dia ny fikolokoloana ny "Fo". Tsindriana  manokana fa, ny ivon'ny fiofanana maha kristianina azy ireo dia ny "fon'izy ireo manokana", araka ny lazain' I Montfotr hoe: " ny sarobidy indrindra amin'io fitiavana sy fanajana io dia ao anaty izay tokony hiorenana" (VD 119). Ny làlan'ny Fanokan-tena dia làlana anaty amin'ny endrika ambony indrindra: tokony ho tonga hifanakaiky na hitovy amin'i Jesoa Kristy ny firafitrin'ny fontsika (SM 44).

**Ao anatin'io "fo" io indrindra no ahafana miaina an'andrana marina kokoa io firaiketana sy fiombonana feno fitiavana io (VD 38).**

Araka izany, inona avy ary ny toetoetrin'ny fon'ireo rehetra mitonon-tena ho " andevon'ny fitiavan'" i Jesoa kristy ao amin'I Maria? Ny fo manetry tena, mahay mankato, miankin-doha, mahatoky... tahaka ny fon' i Jesoa : " anano ny toem-po ao amin' I Jesoa Kristy.." (Fil 2, 5). Fehiny, Fo feno Fitiavana no tadiavina! Noho izany, mila ampihariana ireo "fampiharana anaty sy manokana, ho an'ireo izay maniry ho tonga lavorary" (VD 265-275).

Raha azontsika ny dikan'io "fanandevozam-pitiavana" io, dia tsy ilaina avy akory ny mirona amin'ny fiforonan-tenin'ireo teny: "fanandevozana" sy "fahafahana". Io "fanandevozana" io dia safidim-pitiavana sy fahafahana ahafahana miaina ny "fahafahana", mbola lehibe kokoa. Satria izay misy ny fitiavana dia misy ny fahafahana (Gal 5, 1.13; jereo .4,26.31; 1kor 7, 22; 2kor 3, 17). Ny ivony ambaran'ny teny hoe "fanandevozam-pitiavana" dia hafenoana tsy mety ritran'ny fahafahan'ireo zanak'Andriamanitra! Hoy I Montfort: "io fampiharana ny fitiavana sy tena fanajana io dia manome fahafahana anaty goavana, izay tsy inona  fa ny fahafahan'ireo zanak'Andriamanitra, ho an'ireo olona miaina azy am-pitokiana. Satria, mitolo-tena ho andevon'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'io tena fitiavana sy fanajana io, ka mandà tena tanteraka ho Azy ao anatin'io hatsaran-toetra io, ilay Mpampianatra tsara, mba ho valisoan' ny firohotam-pitiavana izay ametrahana: 1) esory avokoa ireo tahotra sy hadalana manimba ny Fanahy, izay tsy mihevitra afa-tsy ny hanery, sy handrombaka ary hampivezivezy azy, 2) manitatra ny fo amin'ny alalan'ny fahatokisana masina ao amin'Andriamanitra, mampijery azy ho toy ny Rainy; 3) mampigoka azy fitiavana malefaka sy fitiavan-janaka Izy".

Arnold SUHARDI SMM



« "Io fampiharana ny fitiavana sy tena fanajana io dia manome fahafahana anaty goavana, izay tsy inona  fa ny fahafahan'ireo zanak'Andriamanitra, ho an'ireo olona miaina azy am-pitokiana.»

# « Je Ne Suis Pas Un Théorique…»

*Manaraka izao ny resadresaka nifanaovana tamin'i* ***Frera Daniel BUSNEL****, mpikambana ao amin'ny filankevi-paritany ao Frantsa . Teraka ny 25 Novambra 1945 tao Saint Georges de Reintembault, ao Ille et vilaine, Frantsa. Nanao ny voady voalohany tao Fikambanana misionera Compagnie de Marie ny 07 Oktobra 1963.*

Entretien

**Nandritra ny firy taona no niasa toy ny misionera tao Madrid ianao. ( Taona firy hatramin'ny taona firy )**
Niasa nandritra ny 38 taona tao Espana faritra Madrid tao Loeches, tao Madrid ary tao Coslada. Tonga ny 21 Jolay 1967 tao Loeches hatramin'ny Jiona 1978 , ary avy eo Coslada (Madrid) vondrona fanantanjahan-tena ny Kaominina Septambra 1978 hatramin'ny Janoary 2006.



**Reko tamin'ny olona maro fa efa mpampianatra fanatanjahan-tena tany Madrid ianao ?**
Araka ny nolazaiko teo aloha , nanomboka nianatra tao amin'ny petit seminaire tao Loeches avy eo tao Coslada akaikin'i Madrid , misy mponina 100 000 amin'izao fotoana izao , izay nandritra ny taona maro nanangana efitra maro ny Firaisana ho an'ny fialan-boliny.

**Afaka lazainao aho ve ny tena iraka nampanaovina anao tany, ary inona sy sampana fanatanjahan-tena nisy anao?**
Nanomboka tao Loeches aho tao amin'ny kilasin'ny "gymnastique"ary volley ball.Tao Coslada , nanomboka nikarakara ny sekoly fianarana Volley ary nampianatra fanatanjahan-tena tao amin'ny sekolin-panjakana (26) ary avy eo niditra tao amin'ny sekoly "cyclisme" ho mpikarakara ara- batana .
Ny tena asako dia nikambana tamin'ny ekipa sampana fanantanjahan-tena mba hamolavola ny fandaharan-potoana ny lalao tany am-pianarana sy eto anivon'ny firaisana ary rehefa amin'ny fiafaran'ny taona ny fandaharan-potoana any amin'ny lasy mandritra ny fotoana fialan-tsasatra .Isaky ny faran'ny herinandro misy lalao 120 hifandrinana amin'ny karazana fanatanjahan-tena , ankoatry lalao eo amin'ny federasiona izay andraisan'ireo sekolin-panantanjahan-tena samy hafa.




Illustration

**Inona ny fianarana nataonao tao amin'ny SMM mba hanomana anao ho lasa lasa mpampianatra fanantanjahan-tena ?**
Tsy misy , satria ny asa tanana nataoko dia asa momba ny hazo, mba hamitana ny fanamboarana ny " Petite seminaire niaraka tamin'i Frera Dominique sy laika iray. Nanaraka fiofanana ho tonga mpanazatra taranja samy hafa aho , mpitsara lalao, .. sns ...mba azahoana ireo mari-pahaizana ilaina afahana mampianatra.

**Maintenant, tu fais toujours du vélo régulièrement chaque semaine. D'après toi, quel est le sens de la santé pour un missionnaire ?**
Nkehitriny, mbola manao hazakazaka an- bisikileta tsy tapaka ianao isan-kerinandro. Je fais du vélo seulement pendant la saison d'été de mai à octobre et de novembre à Avril je le dédie à l'entrainement pour le marathon de Madrid. Pour moi avoir une bonne santé pour exercer son travail missionnaire est très important. Pratiquer une activité physique sert à s'oxygéner, à changer d'air, à diminuer la pression. Le sport est une bonne école de formation, qui t'apprend à gérer le mental dans l'effort, à chercher des solutions pour éviter les efforts et fatigues inutiles pour aller de l'avant et ne pas jeter l'éponge ou baisser les bras à la moindre difficulté.




**Mandray anjara amin'ny hazakazaka lavitr'ezaka isan-taona ao Madrid ianao. Nanomboka oviana ? Inona ny tantara ny fandraisanao anjara? Ankoatra anao , misy relijiozy hafa ve mandray anjara ?**

Mandray anjara amin'ny hazakazaka lavitr'ezaka i Madrid aho hatramin'ny fanombohany tamin'ny May 1978 . Somary nahatsikaiky ny nanombohako , niainga tamin'ny fanamby napetratr'i P Juan Francisco Perez , izay any Equateur ankehitriny , izay nahalala fa tia mihazakazaka aho .

Eny misy reliozy hafa , misy salesiana iray , izay amin'ity taona ity niaraka amiko mandritra ny hazakazaka lavitr'ezaka sy fantatro miaraka amin'ny ekipa Voley ball koa.




**Ny fifaneraseranao amin'ny namanao tsy relijiozy izao mahaliana raha tantaraina. Rehefa miresaka aminy ry zareo ianao , mety ho azonao ve izay mety ho adi- tsaina na tebiteby ireo olona maro samihafa ankehitriny?**

Ny fifandraisana miaraka amin’ny namako , ny mpianatro ary ireo mpiara miasa amiko dia mangarahara foana . Ny manahirana ahy dia mampita ireo soa toavina ara moraly sy toe-tsaina ara-panantanjahan-tena ao anaty ny fanajana ny olona mba hanao fanantanjahan-tena madio. Niasa tao Coslada nanomboka faran’ny taona 1978 ary nahazo ny fifanarahana tanteraka tamin’ny taona 1982, ary an’isan’ny mpiasa tao amin’ny sampana fanantanjahan-tena .Tao , nahafantarako ny endrika hafa ny fiantsoan’Andriamanitra maha frera izay miasa eo anivon’ireo olona manana anton’asa , ahafanana miresaka ampitokiana ireo lohahevitra samihafa ara- boajanahary kokoa anaty tontolo hafa , lasa tetezana mampifandray ny paroasy sy ry zareo, ary rehefa fantany hoe frera aho , izay antso nanaosarotra ho azy ireo ny nandray azy ary tena tsy mora nazavaina tamin’izy ireo amin’ny fiteny andavanandro , hoe izaho laika voatokana ho an’Andriamanitra, fa tsy pretra , izay manana asa ivelomana tahaka azy ireo.



**Ianao koa liana amin’ny resaka sehatry ny fifandraisana , indrindra amin’ny alalan’ny site web . Ianao no mikarakara ( webmaster) ny site web “de la Province de France” azo raisina amin’ny fiteny frantsay sy teny espagnol. Oviana no nanomboka tao anatin’ny tontolo ny site Web ianao? Hafiriana ny nianaranao azy ?Inona no antony nanosika anao hanome ireo fomba ahafana nifanerasera sy nifandray any amin’ny faritany ?**



Tena nandeha ho azy teo ampanarahana ny filana tamin’ny fotoana sy teo ampanovozana ahalalana lalandava. Nanomboka niaraka tamin’i Pr Louis Salaün, izay nanome ahy ny faniriana ampiasa solosaina (1985) tsy nanaraka fianarana manokana, nijery, nitadidy tao an-tsaina, ary nametraka fanamby vaovao foana. Nanampy ahy hahafantatra olona betsaka izay vao nanomboka tao anatin’ny tontolo informatika ary ireo mpianatro taloha izay nanampy ahy betsaka tamin’ny fianarana ary nazoako asa “agent technique” tao amin’ny mairie .Tamin’ny voalohany , niandraikitra ny resaka informatika fotsiny aho ho an’ny fandaharana ny lalao ara-panantanjahan-tena ( ara-pianarana, teo anivon’ny monisipaly ary ireo federasiona) ary namoaka ireo voka-dalao isan-kerinandro. Tsy be theorika aho, fa mijery, mampiasa tanana, teknisiana ary mampiana-tena.

Tamin’ny taona 2001, nanomboka namorona ny sita monfortanina mba ampafantarina ireo mpamita iraka montfortanina nahazo fankatoavana ny Maison générale tany Roma . Rehefa niverina tao Frantsa aho dia nanampy ny ampahany amin’ny fiteny frantsay. Tamin’ny taona 2007, nasaina nikarakara ny site ny fivahinianana Masina Montfortanina tao Lourdes, izay nanampy tamin’ny fikirakirana ireo sary, vidéo. Satria ny manangana site mora fa ny mampiaina azy no tantara hafa .

Ny antony nanosika ahy hanao izany rehetra izany, te ampafantantra ireo misionera montfortanina, ireo iraka ataony, ny aingan-panahy, ireo asa ataony, mifanakalo hevitra miaraka amin’ny hafa mandalina ireo aingan-panahy Md Louis-Marie de Montfort, manova, mitady hevitra vaovao, mihaino ny hafa mba afahana manatsara ny site, mba hanitona kokoa sy mahatonga azy mampite hijery, manontany ny hafa mba hahafantarana izay andrasany sy manome azy rehetra, izay vita sy hiainana ao anatin’ireny congregation misy misionera montfortanina eran’ny kaontinanta, sns.

Tsy miambo ho tena matianina aho fa olona tena tia ilay asa atao, izay miezaka manao tsaratsara kokoa hatran, mitady raha azo atao ny miasa anaty ekipa, mampafantatra am-pahatsorana ireo zava-misy iainana , ary mahafantatra fa afaka hatsaraina foana ny site sy fomba, mametraka ny fahaiza-manao-ko ho an’ny hafa, mandray ireo hevitra tsara ary mijery ny ataon’ny hafa.

Partage

# DIEU SEUL - Andriamanitra Irery

***Ramatoa Brenice Eno** anisan'ny mpandray anjara tamin'ny andiany fiofanana Iraisan-pirenena Montfortanina FIM tamin' ity taona ity . Izy dia Associée avy any Port Moresby Papouasie – Nouvelle – Guinée . Indro ny fifampizanana ataony tao aorinan'ny FIM ny 15 Aprily hatramin'ny 15 Jiona tao Saint Laurent-sur-Sèvre , Frantsa.*

Fantatro sahady i MD Louis Marie de Montfort nanomboka tamin'ny fotoana nahampikamba ahy tao amin'ny Légion de Marie tao paroasy nisy ahy , nanomboka nt taona 1999. Fantatro amin'ny maha olo-masina « fakana ohatra » ny vondrona nisy anay . Ao anatiny manuel de la Légion de Marie , Montfort dia voatanisa amin'ny alalan'ireo asa sorany momba ny fanajana manokana an'i Maria . Isaky ny mamaky manuel de la Légion de Marie, tsikaritro fa misionera mafana fo i Montfort.Ny Fanahin'Andriamanitra nanosika azy hanoratra ireo trangan-piainana niainany , ary nanome azy fahefana hahakasika ny fon'ny olona.




Brenice Eno – P. Jean Morinay, Le Marillais

Tao amin'ny aim-panahiny no niainako ny fanomezan'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Maria . Tsiro azoko ka tsy nialako intsony ary niafara tamin'ny fidirako ho mpikambana tao amin'ny Association Marie Reine des cœurs ny taona 2017. Fikambanana izay vao noforon'ny pretra montfortanina , mopera Rosario Menezes , izay evekan'i Lae ankehitriny . Elias , vadiko sy izaho samy kandida .Mopera Rozario no nanome fiofanana hiomanana amin'ny fanoloran-tena nandritra ny 33 andro. Tsy mora tamiko , satria betsaka ireo olana nosedraiko nandritra io fotoana io ; niankina tanteraka tamin'I Maria aho ary nametraka ny fiainako teo am-pelatanany . Maria nandresy lahatra ahy hitady fomba hamenoana ireo fotoana rehetra . Farany, nanolo tena sady nanao fanokan-tena aho tamin'i Jesoa amin'ny alalan'I Maria aho ny 28 Aprily 2017.



**Brenice Eno – P. Pierre Bonhommeau, Saint Laurent-sur-Sèvre**

Izahay, Associés, mivory isaky ny Alatsinainy hariva sady fiofanana ary manao ny asa fiantrana miaraka eny amin'ny fiaraha monina sy ny hopitaly. Miara- miasa amin'ireo pretra sy seminarista mba hanohana ireo rahavavy sy rahalahy kristianina tena marefo ara-panahy sy ara-batana. Teo ampanatanterahana ireo asa misionera ,nanontanian'i Monsenera Rozario

aho raha afaka mandray anjara amin'ny fandaharana Fiofanana Iraisan-pirenena Montfortanina (FIM) taona 2019 any Saint Laurent. Nangina aho avy eo nandinika ary nieritreritra fa mety antson'Andriamanitra ho an'ny sehatra iraisan-pirenena . Na dia fanamby lehibe ho ahy aza, dia nekeko ilay fangatahana. Nandritra ny fiofanana FIM, niaina zavatra betsaka mbola tsy fahitako aho. Hitako fa ny tena fanajana manokana amin'ny renin'ny Tompo dia tena zava- misy miori-paka ao amin'ny misterin'ny Trinité Masina, ny misterin'ny fahatongavana ho nofo sy ny fanavotana. I Maria – ao amin'ny Fanahy Masina- no mampianatra sy mamoky ny lehilahy sy vehivavy mba ho masinasy miova ao amin'i Jesoa.

Ary farany , tiako ny milaza fa manomboka izao dia miaina amin'ny Maria , miaraka amin'I Maria , ao Maria ary ho an'I Maria aho mba hiaina bebe kokoa hatrany amin'i Jesoa , miaraka amin'i Jesoa , ao amin'i Jesoa ary ho an'i Jesoa , nohon'ny Herin'ny Fanahy Masina ,ho voninahitra **Andriamanitra irery**.

**Brenice Eno**, Papouasie-Nouvelle-Guinée

# VAOVAO SAMIHAFA

## Md Jean-Paul II sy Md Louis-Marie de Montfort

***Manana ny lanjany lehibe tokoa i Md Louis-Marie de Montfort amin'ny famantarana manokana ny toetra ara-panahy sy misionera nananan'ny papa Md Jean-Paul II. Ao amin'ireo asa-soratry ny Mpampianatrantsika kalaza amin'ny resaka aim-panahy ity, «Fitiavana an'i Jesoa ao amin'i Maria», no nahitàn'ilay papa avy any Pologne ny loharano nanovozana sy nanazava izay nanamafy sy nitantana ny diany nandritra ny fivahinianany teto amin'ity fiainana ity !***



SAINT LAURENT-SUR-SÈVRE, France - Ny alahady 19 mey 2019 tamin'ny 5 ora hariva, nitarika ny fankalazana ny Eokaristia tao amin'ny Basilikan'i Md Louis-Marie de Montfort i Mgr François JACOLIN, evekan'i Luçon, tamin'ny fametrahana tamin'ny fomba ofisialy ny relikan'i Md Jean-Paul II tao amin'io Basilika io ihany. Mialohan'ny fankalazàna dia nisy ny vavaka hateloana andro (triduum) izay nentanin'ny Basilika ka nisian'ny famelabelarana, fitsaohana ny Sakramenta Masina sy hetsika maro hafa koa izay nanasongadina izay mampifandray an'i Louis-Marie de Montfort sy Jean-Paul II.

P. Paulin RAMANANDRAIBE, Recteur ny Basilika, no nandray Ity relika ity avy any amin'ny tànan'i Stanislas kardinaly Dziwisz, arsevekan'i Cracovie. Tao amin'ny taratasy nosoratany ny 15 janoary 2018 no nanazavan'ny kardinaly Stanislas fa ity relika ity dia « rà notatazana avy tamin'ny vatan' »i Jean-Paul II. Izany dia voalaza tao amin'ny antontan-taratasy nampanarahana azy mba hahafantarana ilay « relika », izay nosoniavin'ny kardinaly ihany ny 27 avrily 2017.



Zavatra tena mahatsikaiky ny fametrahana io relikan'ny papa Jean-Paul II ao amin'ny Basilikan'i Md Louis-Marie de Montfort io. Tsy hoe noho ny nahatongavan'ny papa namangy ny fasan'ity Misionera Apostolikantsika ity ihany tamin'ny 19 septambra 1996 fa mbola be noho izany : Mpampianatra amin'ny lafiny ara-panahy i Md Louis-Marie de Montfort ho an'i Jean-Paul II ary nanampy azy hitombo fahamasinana. Hoy ity papa avy any Cracovie ity : « Avy amin'i Md Louis-Marie Grignion de Montfort no nahalalàko fa ny tena fitiavana sy fanajàna marina ny Renin'Andriamanitra dia ny fametrahana marina an'i Kristy ho ivon'ny zava-drehetra, miorim-paka lalina

ao amin'ny misterin'ny Trinite Masina sy ao amin'ireo misterin'ny Fahatongavana ho nofo sy ny Asam-pamonjena ny olombelona rehetra ». Manaraka izany, tamin'ny taona  2000, manoloana ireo olona rehetra tonga nanatrika ny kongresy marialy iraisam-pirenena tany Roma dia nanambara izy hoe : « Louis-Marie Grignion de Montfort dia maneho endrika azo itarafana misy heviny, izay nanazava ahy tao amin'ireo fotoan-dehibe teo amin'ny fiainako… Ny fandraisana an'i Maria ao amin'ny fiainana, ao amin'i Kristy sy ao amin'ny Fanahy dia mampiditra ny mpino ao amin'ny fon'ny misterin'ny Trinite Masina mihitsy. »



Md Louis-Marie de Montfort, *mivavaha ho anay !*
Olontsambatra Marie-Louise de Jésus, *mivavaha ho anay !*
Md Jean-Paul II, *mivavaha ho anay !*

Dola de SOL-ABAB

**«Louis-Marie Grignion de Montfort dia maneho endrika azo itarafana misy heviny, izay nanazava ahy tao amin'ireo fotoan-dehibe teo amin'ny fiainako…»**

# Ny Toe-panahy avy amin'ny Pantekôty
# Ny « Jeunesse Catholique » an'asa !

***Ny tanora rehetra dia tokony hahatsapa-tena fa manana toerana sy andraikitra ao amin'ny fiainan'ny Fiangonana.***

RUTENG, Flores, Indonésie - Ny zoma 07 jiona hatramin'ny alahadin'ny Pantekôty 09 jiona 2019 dia nisy ny fihaonan'ireo tanora mandrafitra ny « Jeunesse Catholique » avy tamin'ireo paroasy roa izay tantanan'ny Misionera Monfortana ao amin'ny diosezin'i Ruteng : ny Paroasy Md Louis-Marie de Montfort ao Poco sy ny Paroasy Md Antoine de Padoue ao Mbeling.



Izany fihaonan'ny tanora izany dia nokarakaraina ary noraisina fa amin'ity indray mandeha ity dia tsy ho fototry ny asan'ny misionera izy ireo fa kosa mpandray anjara mivantana amin'ny asa fanompoana ny Fiangonana eo an-toerana sy manerana izao tontolo izao. Ireo tanora ireo dia tsy ho fiantefan'ny hafatra ihany, fa tena mpiara-miombona amin'ny asa fitoriana ny Evanjely. Maro ireo fandaharana natolotra mba hanamarihana ity fihaonana nandritra ny telo andro ity mba hampitàna izany fahatsapan-tena izany.



Azo ambara koa fa i Md Louis-Marie, izay nanompo ny marary sy ny mahantra ary ireo mijaly, dia loharano manainga ity fivondronan'ny tanora ity. Noho izany dia nentanina izy ireo mba hitodika bebe kokoa amin'izay manjo ny manodidina azy ary hiasa amin'ny fomba mavitrika. Ao amin'ny toe-panahy iainana ireo fankalazana ny Pantekôty dia nampahatsiahivina an'ireo nandray anjara tamin'ity fihaonana ity fa ny finoan'izy ireo dia tsy tokony ho osa na matimaty ary tokony hitodika amim-pahavononana amin'ny hoaviny izy ireo.

Kosmas Ambo Patan, SMM

## « Mba ahatongavana amin'ny toetran'Olombelona lavorary, amin'ny halebeazan'i Kristy ao amin'ny fahafenoany »

PONTCHÂTEAU, France - Tamin-kafaliana lehibe tokoa ny 10 jiona lasa teo, tao Calvaire, no nanaovan'ireto vondron'olona miisa 30 teo ho eo ny fanokanana-tenany voalohany amin'i Jesoa Fahendrena mandrakizay amin'ny alàlan'ny tànan'i Maria, ho an'ny sasany na ny fanavaozana izany ho an'ny hafa.



Be tokoa ny fihetseham-po ho manoloana ity toerana mifono tantara lehibe ity : ny lasapely eo an-tongotry ny Calvaire miaraka amin'ny sary vongan'i Jesoa Kristy izay namboarin'ny mompera De Montfort sy ireo fahatsiarovana hafa mampahatsiahy ireo zava-niseho teo.

Be koa ny fihetseham-po raha ny daty nosafidiana no resahina : ny alatsinain'ny Pantekôty, andro tsy fiasàna any France. Tamin'ny taona 2018 dia nanoloran'ny papa François ny fanomezana sarobidy mba hanohizana ny rivo-baovao entin'ny Pantekôty tamin'ny alàlan'ny fetin'i Maria Renin'ny

Fiangonana. Ary indro i Maria eo anivonttsika, miaraka amintsika amin'io làlana io.




Be ny fihetseham-po tamin'ny fankalazàna : teo amin'ny tany malalaka izay nitarihan'ny mompera De Montfort koa ireo asa fitoriana nataony no nahatsiaro ny batemy izay noraisinay izahay tamin'ny alàlan'ny famafazana ny rano voahasina. Nanao ny fihetsika ho fanajàna ny Bokin'ny Evanjely izahay taorian'ny fihainoana ny Tenin'i Jesoa izay nanolotra antsika tamin-dReniny ary nanolorany ny Reniny antsika. Ny fanolorana ny emboka manitra sy ny fanorohana ny sary sikotra maneho an'i Maria Virjiny nalain-tahaka tamin'ilay namboarin'ity Misionera lehibe ity ary izay nanaraka azy mandrakariva, no nandravaka ny fanatanterahana ny fanokanan-tena izay nataonay. Ny tapany farany tamin'izany moa dia ny fanaovan-tsonia teo anoloan'ny « Contrat d'Alliance », ilay tokana nosoniavin'i Md Louis-Marie teto Pontchâteau tamin'ny taona 1709 ; io « Contrat » io izay mipetraka eo ambany fiarovana manokanan'ny «Communauté des Missionnaires Montfortains».

Ity fankalazana ity koa dia famaranana ny dia natomboka tamin'ny volana septambra lasa, izay nahafahan'ireo mpandray anjara, isam-bolana, nahalala sy nanaraka ny fampianaran'i Md Louis-Marie, tamin'ny fanampian'ny boky kely na koa ilay Taratasy izay maniry hamboraka amitsika ny Tsiambaratelon'i Maria. Nahafinaritra tokoa ny faharetana tamin'ireo fihaonana, tamin'ny hafaliana sy tamin'ny fanomezan-danja izany. Vavaka, fampianarana, fifampizarana, fotoam-piravoravoana no nanamarika ny làlana nandalovanay nandritra ny taona.

Taorian'ny fankalazana dia nifankahita daholo izahay mba hizara ny sakafo ara-pirahalahiana. Ny fotoana manaraka dia amin'ny volana septambra indray mba hanohizana ny dia… « Sambatra ny fanahy izay nanatsatohan'i Maria ilay Hazon'aina ; sambatra kokoa ny fanahy izay nampivelariny sy noravahany voninkazo ; vao mainka tena sambatra ny fanahy izay manome voany ; kanefa ny tena sambatra indrindra amin'izy rehetra dia izay manandrana sy mitahiry izany voninkazo izany mandra-pahafatiny sy amin'ny taona rehetra mandrakizay. Ho tanteraka tokoa anie izany ! » (Md Louis-Marie, SM 78).

**Père Efrem Assolari**, mpitantana ara-panahy ny vondrona

# NY FANAMASINANA HO DIAKRA AN'I PHILIPPE CAILLEAU



Any France dia miisa 2672 amin'izao fotoana izao no miasa ireo diakra maharitra. Fahasoavana ho an'ny Fiangonana izany.

LA VERRIE, France - ny 15 jiona, tamin'ny 4 ora hariva, tao amin'ny fiangonana Saint Maixent ao La Verrie, no nanamasinan'ny evekan'i Luçon, Mgr François JACOLIN, an'i Philippe CAILLEAU ho diakra maharitra faha-57 miasa ao amin'ny dioseziny.

Philippe (44 taona) sy Hélène (41 taona), vadiny, dia mpikambana ao amin'ny « Hospitalité Montfortaine de Lourdes ». Manan-janaka efatra izy ireo. Raha toa i Philippe ka miasa eo anilan'ireo olona manan-kilema any Mortagne, i Hélène kosa miasa ho an'ireo misionera monfortana ao Saint Laurent-sur-Sèvre.



Amin'ny maha-diakra azy dia nohamasinina mba hanompo ny mahantra, ny litorjia ary ny Tenin'Andriamanitra i Philippe. Izany asa izany dia mizotra ao anatin'ny fiainam-pianakaviany sy ara-kasa ary am-piahiana  ireo tena fadiranovana. Mazotoa amin'ny fanompoana, Philippe !

Dola de SOL-ABAB



# Vavaka

## Oh ! Ry Maria Virjiny



Oh ! Ry Maria Virjiny, raiso ao am-ponao izahay.
Ity fo izay niharitra fijaliana tokoa.
Ity fo trotrak'ireo ratra lalina indrindra izay, na dia teo aza ny fahotanay sy ny fivadihanay ary ny fisalasalanay, mitoetra misokatra mandrakizay.

Mitalaho aminao izahay mba hanaparitaka ny famindramponao lehibe manerana ity tany rotidrotiky ny ady, ny ady eo amin'ny samy mpirahalahy ity.

Ity tany ity, izay anjakan'ny hafetsena sy herisetra ary ny fitiavan-tena !

Ny hatsaram-panahinao, ny fahalefahanao, ny fitiavanao anie ho tonga hanitra ho an'ny fiainanay.

Ny andro tsiraray iainanay anie ho taratry ny famipiratanao sy hanamaivana ireo alahelonao.

**Elli-mac.**

## Adresse

**MISSIONNAIRES MONTFORTAINS**
Viale dei Monfortani, 65, 00135
Rome – ITALIE
**Tel** (+39) 06-30.50.203
**Fax** (+39) 06 30.11.908
http://www.montfortian.info/amqah/